FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA

Ho an'ny Filoham-piangonana FFKM
sy ny Kristianina FJKM rehetra

"Ankahalao ny ratsy,ka tiavo ny tsara, ary aoreno eo am-pitsarana ny rariny."
(*Am 5:15a*)

Mamangy sy miarahaba anareo rehetra amin'ny anaran'ny Tompo izahay.

Ny FFKM, taorian'ny fanambarana nataony tamin'ny 12 Mey 2012 sy Pentekosta 2012 lasa teo, dia manantitra ireto lafin-javatra vitsivitsy ireto avy amin'ny fakàna ny hevitr'ireo olona sy vondron'olona tonga nanatona azy:

- Ny vahoaka tsy mandady harona no tena mizaka ny tsy eran'ny aina sy tena mizaka ny vokatry ny krizy politika nanomboka tamin'ny volana Martsa 2009 izay mihitatra hatrany amin'ny lafiny sosialy sy toe-karena ankehitriny.
- Miaina ao anatin'ny fahantrana tanteraka ny vahoaka satria dia mihiba 2% ny tahan'ny fitomboana ara-toekarena ary maherin'ny 75% mponina dia ao ambanin'ny fenitra tokony iainana nofaritan'ny firenena mikambana (latsaky ny 1$/andro) ; maherin'ny 700.000 no isan'ny zaza voatery tsy fidiny niala an-tsekoly ary 500.000 ny olona very asa tao anatin'ny telo taona farany izao (loharano UNICEF).
- Mivahavaha sy gaboraraka ny fitantanana eto amin'ny firenena ka misy fiantraikany mivantana eo amin'ny fiainan'ny olom-pirenena sy ny isan-tokantrano. Ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany sy ireo hazo sarobidy ary ny fananan-tanyno tena lasibatra amin'izany ka mahatonga fikorontanana ara-tsosialy sy ara-piarahamonina isan-karazany.
- Voasedra mafy ny soatoavina moraly sy ara-piarahamonina noho ny fanararaotana sy ny toetsaina te hanankarena tampoka ka anitsakitsahana ny zon'ny hafa. Toa amorain'ny dokam-barotra totoafo manandratra ny nofo sy ny rehaka momba izao fiainana izao izany. Ny ho enti-manana anefa iaraha-mahalala fa tsy misy noho ny tsy fisian'asa sy toe-javatra nateraky ny krizy nanomboka ny Martsa 2009.
- Koa ny tanora no lasibatr'izany endri-piarahamonina tsy misy antra izany ka lasa mivarotra ny fanahiny amin'ny fomba fitadiavana maloto sy manimba. Mampanahy indrindra ny hoavin'ireo tanora malagasy.
- Aterina etoana ny fanahianay mikasika ny fandriampahalemana izay nohamafisin'ireo fomba famoretana mahery vaika ny vahoaka tato ho ato ataon'ny mpitandro ny filaminana. Miteraka tsy fitokisan'ny vahoaka intsony ireo izay natao hiaro azy sy ny fananany izany.
- Mirongatra eto amin'ny firenena ny fanompon-tsampy sy ny fanompoana an'i Satana an-karihary any anatin'ireo fikambanana miafina samihafa (sociétés secrètes).
- Mahatsiaro tena ho toy ny valala voatango ny vahoaka ary diso fanantenana ny maro an'isa ka mampanahy ny hisian'ny fitroatrana ara-tsosialy raha tsy misy ny fandraisana andraikitra haingana sy matotra ary imbonana.
- Miantso ny Fianakaviambe Iraisam-Pirenena mba tsy hanararaotra ny faharefon'ny toe-draharahara eto amin'ny firenena fa hanampy ny mpiara-miombon'antoka rehetra hitsinjo ny tombontsoa ambonin'i Madagasikara.